REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY**
**TAONA 2020**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-81.4**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-001-2020/PL° «MODIFIANT ET COMPLÉTANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2016-021 DU 21 AOÛT 2016 SUR LES PÔLES ANTI-CORRUPTION», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA IDEALSON, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'AMPANIHY ANDREFANA**

Fivoriana faha-27
Natao ny
Alakamisy 2 Jolay 2020
- Alina -

# FIVORIAMBE

**FILOHA**: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITAHANTSORATRA**: Andriamatoa isany:
- RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA**: Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 8 ora sy 15 minitra, alina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL° «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 21 Août 2016 sur les Pôles Anti-corruption» na PAC, natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Nitohy ny Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 8 ora sy 15 minitra, alina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena ka mbola Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha ihany no nitarika izany.

Taorian'izay, nambarany avy hatrany ny fandaharam-potoana izay handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL° «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 21 Août 2016 sur les Pôles Anti-corruption » na ny PAC, natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra izy, ka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nanatanteraka izany, izay mivaky toy izao:

Nivory ny Alakamisy faha-2 Jolay 2020 tamin'ny 12 ora sy 20 minitra, atoandro sy tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-01-2020/PL "modifiant et complètant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption" natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
1. IDEALSON
2. JOHASY Eléonore
3. PEPIN Michou
4. VELOMAHAZO Patrice
5. RAFIDIMANANA Narson
6. RAKOTOMALALA Miarintsoa A
7. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
8. RAFENOMANANTSOA Aina

9. REBENIRINA Maminiaina
10. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fianantsoa

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana aoa amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. HENRI Jean Michel
2. RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
3. RAVONTY Tam Téon Luc
4. RASOLONJATOVO Honoré
5. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
6. MOHAMAD Ahmad
7. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
8. MICHELLE Bavy Angelica
9. FIAROVANA Lovanirina Célestin
10. DONOVAN Sidonie Jymmy

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTONDRAJERY R Salohy DGEJER/Min Jus
2. RAKOTOMALALA Nadia DER/Min Jus
3. ANDRIATIANARIVELO Réné José PGLS
4. ANDRIAMANANKANDRIANA Rajaona PGLS
5. RATIARISOA Harimahefa Coordonnatrice Nationale/PAC
6. RAKOTOMALALA Nathalie Chef de siège du 2nd degré/PAC
7. RAHARINAIVO Lalaina Chargé de mission/CSI
8. LEJAMBLE Brice SE/CSI
9. RAZAFINDRAKOTO Solofohery Chef/PAC Tàna 2nd degré
10. RABEMANANJARA Emilson Conseiller SAMIFIN
11. ANDRIANIRINA Veroniaina D.O/SAMIFIN

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomiera dia nambarany avy hatrany, fa efa nahazo fanamarihana avy tamin'ny Governemanta ity Tolo-dalàna ity, ka voamarina fa tafiditra ao anatin'ny "domaine de la loi" ny fanovàna sy fanatsarana izay atao.

Taorian'izay dia novakiana ny hevitry ny Vaomieran'ny Lalàna amin'ny maha-« recevable » ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa Solombavambahoaka IDEALSON ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna izay nataony.

Nandritra ny fanazavana nentiny dia nilaza izy fa maro ny Lalàna misy eto Madagasikara ahafahana miady amin'ny kolikoly, ka nisan'izany ny Lalàna laharana faha-2016-020 momba ny ady amin'ny kolikoly, ny Lalàna momba ny PAC na ny «Pôles Anti-Corruption» ny Lalàna laharana faha-2018-043 mikasika ny ady amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola amin'ny asa fampihorohoroana, ny Didy Hitsivolana laharana faha-2019-015 mikasika ny «recouverement des avoirs illicites».

Fotoana samihafa no nipoiran'ireo Lalàna ireo, fa ny tena itambarany dia noho izy ireo samy miady amin'ny kolikoly. Nisy ihany koa ny Lalàna natao hanenjehana ireo mpitantana sy mpikambana amin'ny Andrimpanjakana. Tamin'ireo rehetra ireo dia ny Lalàna laharana faha-2016-021 no tena nitondrana fanovàna sy fanatsarana izay miompana amin'ireto hevi-dehibe ireto:
- Fanafoanana ny «confiscation avant condamnation» satria raha tsy mbola nisy didim-pitsarana manameloka dia tsy tokony hisy fananana azo giazana;
- Ny famerenana ny «infractions économiques et financières» dia ankinina amin'ny Fitsarana izay rafitra efa misy manerana an'i Madagasikara;
- Fampihenana ny fe-potoana fiasan'ny «Cordonnateur National des PAC» ho telo taona azo avaozina indray mandeha raha toaka efatra taona izany teo aloha;
- Ny Minisitry ny Fitsarana no Filohan'ny «Comité de Suivi et d'Evaluation» satria raharaham-pitsarana no atao ao ary mpitsara sy mpiasan'ny Fitsarana avokoa no mpikamabana ao.

Rehefa izany dia niroso avy hatrany tamin'ny famakiana sy fanazavana ireo fanovàna natolotr'Andriamatoa Solombavambahoaka ny mpivory mikasika ny andininy faha-2 ahitana ireto andininy manaraka ireto:

**Andininy faha-4**: niverina indroa ny voalaza eo amin'io andininy io ka esorina ny iray amin'ireo.
**Andininy faha-7:** mila faritana ireo «biens confisqués» aorian'ny didim-pitsarana.
**Andininy faha-8:** nofoanana ny «confiscation avant condamnation» satria tsy misy «confiscation avant jugement» intsony ao anatin'ny fanovàna nentina.
**Andininy faha-10:** tsy misy intsony ny «confiscation avant condemnation" izay voalaza ta aimin'ny Lalàna laharana faha-2004-020 izay efa "abrogé".
**Andininy faha-13:** nesorina ny «confiscation avant condamnation»; mifanaraka amin'ny fanovàna nentina tany aloha.
**Andininy faha-14:** efa nofoanana ny Lalàna laharana faha-2004-020, fa nosoloina ny Lalàna laharana faha-2018-043 izay manankery ankehitriny, ka izay no antony. Eo amin'ny andalana faha-2 dia ny Andininy faha-58 no mamaritra izany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2018-043.
**Andininy faha-18:** napetraka ireo rijan-tenin-dalàna ireo mba hampifandraisana ny heloka misy kolikoly. Eo amin'ny andalana faha-2 kosa mamaritra fa raha misy ny heloka miendrika kolikoly nataon'ny sokajin'olona izay tokony hotsaraina amin'ny Fitsarana manokana nefa tsy mifandraika amin'ny andraikitra sahaniny izany heloka izany dia ny PAC ihany no tokony handray an-tànana ny raharaha.
**Andininy faha-19 sy Andininy faha-20:** nofoanana satria tsy ny vola mohodina aoa anatin'ny raharaha no jejrena fa ny heloka natao. Tsy voatery hisy endrika kolikoly ny raharaha na dia ahitana vola be ampiasaina aza ao. Averina any amin'ny ady heloka tsotra ireo izay tsy ahitana endrika kolikoly.
**Andininy faha-21:** noho ny tsy fahampian'ny Mpitsara eto Madagasikara dia afaka mandray ny fitantanana ny PAC ireo "Magistrats du siège de second degré". Eo amin'ny andalana faha-4 dia efa voalazan'ny Lalàna ny fanenjehana heloka amin'ny alalan'ny "voie règlementaire".
**Andininy faha-24:** nesorina tao ireo karazana heloka ara-toekarena sy ara-bola, ka naverina any amin'ny "infraction de droit commun".

**Andininy faha-27:** ny “instruction” ihany no tsy maintsy atao an-tsoratra, nofoanana kosa ny “demande d’information”. Nesorina ny andalana faha-3 satria ny andalana faha-2 dia efa mahalaza ny tiana hambara.
**Andininy faha-32:** nahena ho telo taona ny fotoam-piasan’ireo Mpitsara sy Mpiraki-draharaha ao amin’ny PAC satria lava loatra ny fotoam-piasana efatra taona. Eo koa ny fanesorana azy ireo raha toa ka misy tsy mety nataony.
**Andininy faha-33:** natao manaraka Didim-panjakana ny famoaham-bola ao amin’ny PAC.
**Andininy faha-36:** nampidirina ao ny “Magistrat” satria tsy maintsy Mpitsara no “Coordonnateur” ao amin’ny PAC.
**Andininy faha-39:** tokony ho departemanta ao amin’ny Minisiteran’ny Fitsarana no miandraikitra ny “Comité de Suivi et d’Evaluation”.

Toy izao kosa ny momba ny andininy faha-3:
**Andininy faha-41:** izy io dia natao hiatrehana ny fiovàna rehefa miala ao amin’ny PAC ny “infractions économiques et financiers”.

Taorian’ny fanazavana nentin’Andriamatoa Solombavambahoaka mikasika ny Tolo-dalàna dia niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ireo Solombavambahoaka.

**FANONTANIANA:**
1. Mihatra avy hatrany ve ny fe-potoam-piasana telo taona raha vao lany ity Tolo-dàna ity?
2. Sao dia hampiditra an’i Madagasikara ao anatin’ny “zone grise” na “zone noire” amin’ny kolkoly ny fanovàna ny Lalàna mifehy ny PAC?

**VALINY:**
1. Misy “dispositions transitoires” mandravona ny fe-potoam-piasan’ny “Coordonnateur National”-n’ny PAC izay vao mihatra ny fe-potoam-piasana telo taona.
2. Efa manana fahasahiana heady amin’ny kolikoly isika matoa nandrafitra izao Tolo-dalàna enti-manova ny Lalàna mifehy ny PAC izao. Raha hatsaraina ihany ny Lalàna dia izay mifanaraka amintsika, no ndeha atao, fa tsy izay metimety amin’ny vahiny.

Taorian’izay dia niroso tamin’ny fametrahana fanamarihana ny mpivory:

**FANAMARIHANA:**

- Zava-tsarotra ho an’ny vahoaka avy lavitra ny handeha atỳ Antananarivo vao afaka history, ka tena ilaina ny fitsinjarana andraikitra eo amin’ny samy rafi-pitsarana. Avela hataon’ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany izay tokony ho vitany.
- Eo ampandaminana ny fametrahana ny PAC isaky ny renivohi-paritany isika izao. Ny an’i Mahajanga no tokony ho efa tafapetraka fan oho ny hamehana ara-pahasalamana dia tsy mbola tomombana izany, tokony hanaraka izay ny an’i Fianarantsoa. Ny fanatanterahana izany dia tahaka ny nametrahana ny “Cour d’Appel” isaky ny renivohi-paritany ihany.
- Nanamarika ny teknisiana fa tsy misy solotenan’ny BIANCO tonga nanatrika ity fivoriana ity noho izy ireo mbola ao anaty fihibohana kanefa tsara raha nisy fankan-kevitra tamin’izy ireo mialohan’ny handefasana ity Tolo-dalàna ity.

- Tokony hisy fitohizany any amin'ny "Cour de Cassation" ny antontan-taratasy alefa any amin'ny PAC.
- Misy karazana heloka mifandraika amin'ny kolikoly ihany voasoratra ao amin'ny andininy faha-19 sy faha-20, ka tsara raha tsy esorina ireo andininy roa ireo.
- Manome lanja ny fitsarana ady heloka tsotra ny fanesorana ny "infractions économiques et financières".
- Ny fianakaviamben'ny Mpitsara dia mitaraina fa esorina amin'izy ireo avokoa ny fitsarana ireo heloka fa nafindra any amin'ny rafitra manokana avokoa ny fitsarana izany.
- Mbola afaka asiana fanovàna ihany ity Tolo-dalàna ity raha toa misy fanatsarana tiana hoentina.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy tamin'ny Tolo-dalàna ny mpivory.

**Lohateny:** lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy voalohany:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-2:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-3:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-4:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-5:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-6:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-7:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
**Andininy faha-8:** lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-01-2020/PL "modifiant et complètant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption" natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Nifarana tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

TOVANA

| VERSION ORGINALE | VERSION AMENDEE |
|---|---|
| INTITULE<br>Proposition de loi modifiant et complétant la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption | INTITULE<br>Proposition de loi modifiant, complétant **et abrogeant certaines dispositions de** la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corrution |
| ARTICLE PREMIER- La présente loi a pour objet de modifier et de compléter les dispositions de la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption | ARTICLE PREMIER- La présente loi a pour objet de modifier, de compléter **et d'abroger certaines dispositions de** la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption |
| ARTICLE 2<br>Article4 : - Le PAC peut être saisi d'une plainte ou d'une dénonciation d'une association ou d'une organisation dont les statuts définissent dans leur objet la lutte contre la corruption. Le PAC peut être saisie d'une plainte ou d'une dénonciation d'une association ou d'une organisation dont les statuts définissent dans leur objet la lutte contre la corruption.<br><br>Article 7 (alinéa 4) : - Il est tenu dans les Chambres de saisie et de confiscation, à la première instance et au second degré, un Registre spécial des biens et avoirs gelés, saisis et confisqués, côté et paraphé par lesdites Chambres.<br><br>Article 8 : - La Chambre de saisie et de confiscation des avoirs a compétence exclusive pour statuer sur la confirmation du gel et de la saisie effectués par les OPJ et les administrations spécialisées dans le cadre des infractions <u>traitées par les PAC</u> ainsi que sur l'opposition formée en vue de lever les mesures conservatoires<br>[le reste sans changement] | ARTICLE 2<br>Article4 : - Le PAC peut être saisi d'une plainte ou d'une dénonciation, **d'une personne physique,** d'une association ou d'une organisation dont les statuts définissent dans leur objet la lutte contre la corruption.<br><br>Article 7 (alinéa 4) : - Il est tenu dans les Chambres de saisie et de confiscation, à la première instance et au second degré, un Registre spécial des biens et avoirs gelés, saisis et confisqués, côté et paraphé **selon le cas par le Président ou le Chef du siège du PAC.**<br><br>Article 8 : - La Chambre de saisie et de confiscation des avoirs a compétence exclusive pour statuer sur la confirmation du gel et de la saisie effectués par les OPJ et les administrations spécialisées dans le cadre des infractions **relevant de la compétence du PAC** ainsi que sur l'opposition formée en vue de lever les mesures conservatoires<br>[le reste sans changement] |

| | |
|---|---|
| Article 14 : - En matière de blanchiment du produit du crime et de financement du terrorisme, la Chambre de la saisie et confiscation des avoirs est compétente pour statuer sur l'opposition à l'exécution des opérations, formée par le Sampana Malagasy amin'ny Famotsiam-bola sy famatsiam-bolan'ny Fampihorohoroana (SAMIFIN) dans les conditions prévues par la loi n°2018-043 du 13 Février 2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme<br><br>Elle est également compétente pour statuer sur la saisie de biens relatifs à une infraction de blanchiment de capitaux, dans les conditions prévues par les articles 58 et suivants de ladite loi. | Article 14 : - En matière de blanchiment de capitaux ou de financement du terrorisme, la Chambre de la saisie et confiscation des avoirs est compétente pour statuer sur l'opposition à l'exécution des opérations, formée par **le Service de renseignements financiers** dans les conditions prévues par la loi n°2018-043 du 13 Février 2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme<br><br>Elle est également compétente pour statuer **sur la confiscation** de biens relatifs à une infraction de blanchiment de capitaux **ou de financement du terrorisme** dans les conditions prévues par les articles 58 et suivants de ladite loi. |
| Article 18 :- Les PAC sont chargés de la poursuite, de l'instruction, et du jugement des infractions de corruption et assimilées ainsi que de blanchiment de capitaux et financement du terrorisme, telles que prévues par les instruments internationaux ratifiés par Madagascar et la loi n°2016-020 du 22 Août 2016 sur la lutte contre la corruption et la loi n°2018-043 du 13 Février 2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme.<br><br>Les actes qualifiés d'infractions de corruption et assimilées, de blanchiment de capitaux et financement du terrorisme qui ne sont pas liés aux fonctions des personnes mises en cause devant d'autres juridictions spécialisées relèvent de la compétence des PAC. | Article 18 :- Les PAC sont chargés de la poursuite, de l'instruction, et du jugement des infractions de corruption et assimilées ainsi que de blanchiment de capitaux et financement du terrorisme et **les infractions qui leur sont connexes**, telles que prévues par les instruments internationaux ratifiés par Madagascar et la loi n°2016-020 du 22 Août 2016 sur la lutte contre la corruption et la loi n°2018-043 du 13 Février 2019 sur la lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme.<br><br>Les actes qualifiés d'infractions de corruption et assimilées, de blanchiment de capitaux et financement du terrorisme qui ne sont pas liés aux fonctions des personnes mises en cause devant d'autres juridictions spécialisées relèvent de la compétence des PAC.<br><br>**La poursuite des complices, coauteurs, intermédiaires, tiers bénéficiaires des personnes justiciables d'autres juridictions spécialisées est de la compétence des PAC.** |

| | |
|---|---|
| Article 21 :- Pour le jugement des crimes, la procédure criminelle est applicable conformément aux dispositions des articles 404 et suivants du Code de Procédure Pénale.<br><br>Il en est notamment ainsi concernant les règles relatives à la détention préventive: délai, procédure, compétence de la Chambre de la détention préventive et de la Chambre d'accusation<br><br>LE RESTE SANS CHANGEMENT<br><br>Article 36 : - Le Coordonnateur National des PAC est un Magistrat et a le rang de Directeur Général et bénéficie d'une indemnité liée à sa fonction spécifique dont les modalités d'attribution et le montant sont fixés par décret pris en Conseil des Ministres.<br><br>LE RESTE SANS CHANGEMENT<br><br>Article 39 :- Le Comité de Suivi et d'Evaluation des PAC est un comité mixte, composé du Ministre de la Justice <u>qui en assure la présidence,</u> du Président du Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI), du Directeur Général du BIANCO, du Directeur Général du SAMIFIN, et d'un représentant d'une organisation de la société civile en charge de la lutte contre la corruption.<br>[le reste sans changement] | Article 21 :- Pour le jugement des crimes, la procédure criminelle est applicable conformément aux dispositions des articles 404 et suivants du Code de Procédure Pénale.<br><br>Il en est notamment ainsi concernant les règles relatives à la détention préventive: délai, procédure, compétence de la Chambre de la détention préventive et de la Chambre d'accusation.<br><br>**La Chambre d'accusation est compétente en appel pour accorder une liberté sous contrôle judiciaire.**<br><br>LE RESTE SANS CHANGEMENT<br><br>Article 36 : - Le Coordonnateur National des PAC est un Magistrat et a le rang de Directeur Général **de Ministère** et bénéficie d'une indemnité liée à sa fonction spécifique dont les modalités d'attribution et le montant sont fixés par décret pris en Conseil des Ministres.<br><br>LE RESTE SANS CHANGEMENT<br><br>Article 39 :- Le Comité de Suivi et d'Evaluation des PAC est un comité mixte, composé du Ministre de la Justice, **du Premier Président de la Cour Suprême, du Procureur Général près de la Cour Suprême,** du Président du Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI), du Directeur Général du BIANCO, du Directeur Général du SAMIFIN, et d'un représentant d'une organisation de la société civile en charge de la lutte contre la corruption **qui en assurent chaque année la présidence tournante**. |
| ARTICLE 3<br>Article 41 :- A la date d la mise en place des PAC, les Chaînes pénales économiques et anti-corruption, les magistrats des Tribunaux | ARTICLE 3<br>Article 41 :- A la date d la mise en place des PAC, les Chaînes pénales économiques et anti-corruption, les magistrats des Tribunaux |

| | |
|---|---|
| de première instance et des Cour d'appel ayant à l instruire, poursuivre ou à juger des infractions entrant dans la compétence des PAC sont tenus de se dessaisir, en l'état, au profit des PAC territorialement compétent.<br><br>Les mandats délivrés continuent à avoir effet et n'ont pas besoin d'être validés sauf si leur délai de validité est sur le point de venir à expiration en vertu des dispositions du droit commun. La prolongation se fera dans les conditions prévues par l'article 334 bis du Code de procédure pénale.<br><br>Les Chaînes pénales économiques et anti-corruption continueront à connaître des affaires dont elles ont été saisies jusqu'à la mise en place effective des PAC.<br><br>Les dossiers en cours relevant des dispositions des articles 19 et 20 abrogés par la présente loi demeurent traités jusqu'à la fin des procédures en appel par les PAC saisis. | de première instance et des Cour d'appel ayant à l instruire, poursuivre ou à juger des infractions entrant dans la compétence des PAC sont tenus de se dessaisir, en l'état, au profit des PAC territorialement compétent.<br><br>Les mandats délivrés continuent à avoir effet et n'ont pas besoin d'être validés sauf si leur délai de validité est sur le point de venir à expiration en vertu des dispositions du droit commun. La prolongation se fera dans les conditions prévues par l'article 334 bis du Code de procédure pénale.<br><br>Les Chaînes pénales économiques et anti-corruption continueront à connaître des affaires dont elles ont été saisies jusqu'à la mise en place effective des PAC.<br><br>Les dossiers en cours relevant des dispositions des articles 19 et 20 abrogés par la présente loi demeurent traités jusqu'à la fin des procédures en appel par les PAC saisis.<br><br>**Jusqu'à l'opérationnalité des six PAC, pour des raisons d'ordre infrastruturel, financier et de ressources humaines, les PAC fonctionneront provisoirement comme suit :**<br>- **La compétence du PAC d'Antananarivo s'étendra sur les ressorts des Cours d'Appel des juridictions de droit commun d'Antananarivo et de Toamasina**<br>- **La compétence du PAC de Mahajanga s'étendra sur les ressorts des Cours d'Appel des juridictions de droit commun de Mahajanga et d'Antsiranana**<br>- **La compétence du PAC de Fianarantsoa s'étendra sur les ressorts des Cours d'Appel des juridictions de droit commun de Fianarantsoa et de Toliara** |
| | |

| | |
|---|---|
| | **Le délai de traitement des dossiers des PAC des Faritany de Toamasina, d'Antsiranana et de Toliara soumis à la Chambre de Saisie et de Confiscation des avoirs illicites est fixé à 72 heures ouvrées.** |
| | **Article 5 : - Le Coordonnateur National des PAC, les Magistrats et Greffiers en exercice dans le cadre de la loi n°2016-021 du 22 Août 2016 terminent leur mandat actuel et seront soumis à l'issue dudit mandat aux dispositions de la présente loi.** |
| Article 5 :- Des textes réglementaires seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi | Article **6**:- Des textes réglementaires seront pris en tant que de besoin pour l'application de la présente loi |
| Article 6 :- Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont demeurent abrogées | Article **7**:- Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont demeurent abrogées |
| Article 7 :- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République.<br>Elle sera exécutée comme loi de l'Etat. | Article **8** :- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République.<br>Elle sera exécutée comme loi de l'Etat. |

Fisaorana ny Mpampakanteny no nataon-dRamatoa Filoha, tamin'ny nanatontosany ny famakiana ny tatitra.

Taorian'izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny mpikambana ao amin'ny Governemanta; nomarihany hatrany fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa izay no nolazaina teo no tokony harahina.

Nilaza Ramatoa JOHASY RAHARISOA Elénore, Mpampakanteny, fa ny tovana dia tafidita ao ao anatin'ny tatitra satria mikasika izany no anaovana fanitsiana. Ao amin'ny pejy faha-7; "article 2" izay hita fa niverina indray ny zavatra efa nesorina tany amin'ny "version originale" amin'ny fehezan-teny faharoa ny hoe "le PAC". Efa "version amendée" izy ity, ka heveriko fa tsy tokony hiverina ao intsony. Tokony hiala ny hoe: "Le PAC peut être saisie d'une plainte ou d'une dénonciation d'une association ou d'une organisation dont les statuts définissent dans leur objet de la lutte contre la corruption".

Nanana fanamarihana, Ramatoa Filoha, momba ny anaran'ny teknisiana, ao amin'ny pejy faha-2, andalana faha-3; mikasika ny andraikitra sahanin'Andriamatoa ANDRIATIANARIVELO René José, tsy PGLS fa PGCS.
Manarak'izany, ao amin'ny pejy faha-3; tsipika faha-2 ahitana ny fitsarana momba ny «comité de suivi d'évaluation», tokony tsy hisy «e» ny «suivi» ary tsy misy tendrony ihany koa ny «a» amin'ny teny hoe raharaham-pitsarana. Noho izany, tokony hesorina avokoa ny «e» amin'ny teny hoe «comité de suivi d'évaluation» rehetra mba hampirindra ny teny momba ny raharaham-pitsarana.

Mbola nanana fanamarihana mikasika ny tatitra, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Mpampakateny. Ao amin'ny pejy faha-3, andininy faha-14, fehezan-teny farany, andalana faha-2 misy hoe «andrininy faha-58», tokony hiala ny «r» fa andininy no izy. Torak'izay ihany koa ao amin'ny andininy faha-18, andalana faha-2 izay ahitana ny teny manao hoe: fa radra, tsy izay no izy fa raha. Mbola misy ihany koa ao amin'ny pejy faha-4, mikasika ny valim-panontaniana; "coordonateur national" tsy tokony hisy "e" ny "national". Ao amin'ny pejy faha-6, manao hoe; rehefa izay dia niroso, lasa niverina indroa ny teny hoe dia.

Nanana fanamarihana mikasika ny tatitra ihany koa Ramatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, teknisiana avy amin'ny Governemanta; ao amin'ny pejy faha-3, andininy faha-21; manao hoe: noho ny tsy fahampian'ny mpitsara eto Madagasikara dia afaka mandray ny fitantanana ny PAC ireo "Magistrat du siège du Second Dégré"; tsy izay no izy fa hoe afaka mitarika ny PAC ny Fitsarana Avo momba ny ady heloka bevava.

Nanana fanamarihana mikasika ny tatitra ihany koa Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, ao amin'ny pejy faha-4 manao hoe: taorian'ny fanazavana nentin'Andriamatoa Solombavambahoaka mikasika ny Tolo-dalàna dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ireo Solombavambahoaka. Tsy Solombavambahoaka no nametraka ireo fanontaniana ireo, ry zareo avy tany amin'ny Minisitera.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa IDEALSON ny fitenenana, mba hitondrany fanazavana bebe kokoa momba ny antonanton'ity Tolo-dalàna ity.

Toy izao no fanampim-panazavana nentiny:
Natao ity Tolo-dalàna ity noho ny sosokevitra avy amin'ny fiarahamonim-pirenena sy ny olon-tsotra izay misehatra amin'ny ady atao amin'ny kolikoly sy ny mampihatra izany eny anivon'ny fitsarana, toy ny Mpitsara sy ny rafitra hafa miady amin'ny kolikoly eto amintsika.

Efa heno tamin'ny tatitra teo ny rinjan-teny nitondrana fanovàna tamin'ity Tolo-dalàna ity.

Raha eto amintsika, efa misy lalàna vitsivitsy efa manan-kery entina miady amin'ny kolikoly. Misy efatra no tena voakasika ao anatin'izay, anisan'izany ny tamin'ny taona 2016 miady amin'ny kolikoly sy ny lalàna nametrahana ny "Pôles Anti-corruption". Ny roa farany kosa noraisana tamin'ny taona 2019, toy ny "lute contre le blachiment de capitaux" izany.
Raha ireo no jerena, mivoatra ny lalàna eto amintsika ary heno ny fitarainana entin'ny vahoaka, ka tamin'ny alalan'izay no nahatonga anay nitondra fanavaozana ny ady atao amin'ny kolikoly.

Manampy ireo koa ny Lalàna mikasika ny Fitsarana Avo raha tafiditra amin'ireo koa ny resaka kolikoly. Mipetraka ny fanontaniana hoe: raha hitory Minisitra sy Filohan'ny Andrimpanjakana kanefa tsy mifandrika amin'ny asa maha Minisitra azy izany dia aiza no aleha, inona no atao. Ny karazan'olona toy izany no tsarain'ny Fitsarana Avo, fa ankoatra izay, ity no itsarana azy na ny PAC izany.

Nitondrana fanavaozana ny tsy hanaovana "interprétation" maro ny lalàna eto amintsika, toy ny fomba entina mangeja ny fahazoana harena amin'ny fomba tsy ara-dalàna na famotsiam-bola.

Tamin'ny Lalàna teo aloha, afaka manao izany ny Mpitsara ary mety hovarotana daholo ny fananana nogejaina kanefa tsy misy didim-pitsarana milaza fa meloka io olona io. Amin'izao kosa miasa ny PAC, manatanteraka ny andraikiny. Ireo fandikan-dalàna sy ny kolikoly, ny ara-toekarena ary ara-bola no tena iasan'ny PAC.

Mitaraina koa ny fianakaviamben'ny Mpitsarana, fa mahazo laka ny fananganana rafi-pitsarana vaovao ankoatra ny fitsarana efa misy. Ohatra ny fitsarana momb ny "bois de rose", esorina amin'ny fahefan'ny fitsarana mahazatra izany. Manahy izy ireo hoe sao horavana ny asan'ny fitsarana kanefa Mpitsara efa eo ihany no alaina hisahana ny fitsarana mikasika izany, fa tsy olona vaovao. Noho izany, tokony hiverina amin'ny fitsarana mahazatra ny "infractions économiques et financières" rehetra. Izay no antony nanesorana ny andininy faha-19 sy faha-20 araka ny tatitra teo.

Tokony hotsapan'ny vahoaka koa fa ny rafitra mpanenjika ny mpanao kolikoly eto amintsika dia tsy tokony hofehezin'ny "mandat" iasany fa eo ambanin'ny lalàna ihany koa. Azo arahi-maso sy fehezin'ny didy aman-dalàna ireo olona ireo, eny na isika Solombavambahoaka na ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany koa. Rariny sy hitsiny raha azo enjihina koa ireo Mpitsara mpampihatra lalàna satria mety ho azon'ny fakam-panahy izy ireo.

Fanovàna nentina ny fisian'ny "Comité de suivi et d'évaluation" ao amin'ny PAC, ka ny Minisitry ny Fitsarana no Filoha hitantanana izany.

Ireo no nahatonga ny nampidirana ny rinjan-teny tamin'ny fanavaozana ny Lalàna mifehy ny PAC eto amintsika.

Taorian'ny fanazavana nentiny, nitondra valim-panontaniana ho an'ny "société civile" koa ny tenany momba ny filazan'ireto farany fa tandindonin-doza ny ady atao amin'ny kolikoly eto Madagasikara.
Tsy manana fahefana hisakana ny Solombavambahoaka izay efa nahazo alalana tamin'ny vahoaka nifidy azy mba hanao lalàna. Izany hoe, amin'ny fe-potoana iasany, tsy miera amin'iza na amin'iza ny Solombavambahoaka rehefa hanao lalàna, fa ny Lalàmpanorenana sy ny vahoaka no nanome fahefana azy hanao izany. Fanakorontanan-tsaina amin'ny mety hahazoan'ny rehetra izao fanavaozana izao izany. Efa niezaka namaly izany tamin'ny haino aman-jery ihany izahay, saingy tsara ny manamarika izay valin-teny izay eto anatrehan'ny besinimaro.

Nomarihany ihany koa, fa ny fisian'ny PAC dia anisan'ny fomba iray ahazoana mitsara ny firenena Malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny resaka kolikoly, ka amin'izany no ahitana na mandroso isika na mihemotra.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna izay natolony.

Taorian'izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, nambarany fa sao tokony hiverenana ihany ny andininy faha-2 amin'ny "version originale" mikasika ny hoe: "d'une personne physique"; ny antony, mbola betsaka ny fialonana any anaty fiaraha-monina, izay no mety hisarika ny olona handeha hitory olona hafa. Raha "victime" ny olona toriana, mivantana ve izany sa ankolaka. Noho izany, tokony hodinihana izay zavatra izay.

Andriamatoa HENRI Jean Michel kosa nisaotra ny mpanolotra ny Tolo-dalàna satria zava-dehibe tokoa no nataony.

Manaraka izay, nomarihany fa aleo ny "version originale" no tazonina amin'io lohatenin'ny Tolo-dalàna io satria tsy dia mety loatra ny fampiasana ny teny hoe: "abrogeant" amin'ny zavatra tahaka izao, fa "complétant" no tokony ho izy. Noho izany, mangataka ny namana mba hiverina amin'ny "version originale".

Mikasika ny andininy faha-7 amin'ny teboka faha-10, milaza hoe: "Toutes dispositions antérieures contrairesà la présente loi sont et demeurent abrogées"; mbola hasiana «période transitoire» ve ity Tolo-dalàna ity raha lany eto sa ahoana satria ny Lalàna rehefa soniavin'ny Filohampirenena izay vao manan-kery.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual dia nanamafy ny fisaorana ny mpanolotra ny Tolo-dalàna, satria nahita ny lesoka tao amin'ny PAC.

Nomarihany koa fa nilaza ny mpanolotra ny Tolo-dalàna fa mitaraina ny Mpitsara satria nesorina taminy ny fahefana mitsara, malahelo ve ianao raha misy zavatra ahena ny andraikitrao, tokony ho faly aza raha ny marina. Izany hoe, ny fampiharana no ahitana lesoka, fa tsy ny fampihenana ny andraikitra; na eo aza izany, handany izahay, saingy mila fanazavana ny antony mampalahelo ny Mpitsara raha ahena ny asany.

Andriamatoa MAMANGY Norbert kosa nanamafy ny tokony hiverenana amin'ny "version amandée" andininy faha-2 satria mialokaloka any anaty fikambanana ny olona mpanao ratsy, fa raha mitokana izy tsy sahy manao ratsy. Noho izany, amafisina ny hitazonana io "version amandée" io satria raha maka ohatra isika, mampiasa ny anaran'ny "alliance Vohary gasy" ny olona manana tombotsoa amin'ny "bois de rose" fa tsy sahy miseho mivantana.

Nanamarika, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa mitombina kokoa ny fitoriana raha mandalo any anaty fikambanana, raha io andininy faha-2 io no asiana teny, kanefa tsy voatery hisy fikambanana daholo ny toerana isehoan'ny kolikoly. Raha tsy mahita fikambanana izy, inona no tokony hataony satria mety tsy afaka mametraka fitoriana izy raha miantraika aminy ny kolikoly. Noho izany, aleo apetraka ihany ny hoe: "personne physique".

Samy ao anaty fiaraha-monina daholo no ianantsika rehetra, fa ny zava-misy, raha tsy ao anaty fikambanana ny olona, toa tsy hainoana loatra, hoy Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, raha nomena fitenenana. Noho izany, avelao hahazo sehatra ny "personne physique" satria olona manam-pahaizana ireo olona ao amin'ny Fitsarana ireo, fa tsy hanaonao foana.

Taorian'ny fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka dia nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny mpanolotra ny Tolo-dalàna, mba hamaliany izany.

Novalian'Andriamatoa IDEALSON avy hatrany ny momba ny fampihenana ny asan'ny Mpitsara sy ny fe-potoana iasany, ka nambarany tamin'izany fa mihahamahazo vahana ny famoronana sampam-pitsarana vaovao eto amintsika raha ampitahaina amin'ny Fitsarana hatramin'izay. Sintonina ny fahefan'ny Mpitsara. Ohatra ny ady amin'ny kolikoly, nasiana "infractions économiques et financières"; goavana izay endriky ny fahefana nesorina izay. Manontany ny Mpitsara hoe: efa misy fandikan-dalàna avo lenta ve eto amintsika ka ny resa-bola dia ireo Mpitsara avo lenta ihany no hitsara azy ary atokana ho an'ny Mpitsara iva lenta ny Fitsarana zavatra gaboraraka. Raha lazaina mivantana, tamin'ny namoronana ny PAC tany amboalohany no nahatsapana, fa tsy atokisan'ny olona ny Fitsarana eto Madagasikara. Ireo Mpitsara ao amin'ny PAC anie ka Mpitsara ihany saingy navahana hanao asa vaovao fotsiny. Izany hoe, ao anatin'ny tsy atokisana koa izy ireo, izay no mahatonga ny Mpitsara manontany hoe: inona indray no fahefana hafa azo sintonina aminy ary avy eo tsy misy antony intsony ny asa maha Mpitsara azy. Raha bangoina, samy saropiaro amin'ny asany daholo ny olona rehetra. Izay no mahatonga miteny hoe: mbola ilaina ve sa tsia izahay.

Momba ny fanamarihana amin'ny tokony hitazonana ny lohateny ary esorina ny hoe: "abrogeant". Marihana fa ny teknisiana avy amin'ny Minisitera no nanome hevitra momba izany.
Hitantsika koa ao andininy faha-7 manao hoe: "Toutes dispositions antérieures contraires à la présente loi sont et demeurent abrogées"; raha jerena tsara, «acte d'abrogation» izay natao izay. Ao amin'ny andininy faha-19 sy faha-20 amin'ny Lalàna vaovao dia nofoanana tanteraka. Noho izany, rariny raha milaza isika hoe: «modifiant, complétant et abrogeant certaines dispositions» ao amin'ny lohateny. Izany hoe tsy nofoanana tanteraka izy rehetra, ny andininy sasantsany ihany. Azo lazaina fa tsara petraka ihany io lohateny io.

Misy nilaza koa teo hoe: "toutes dispositions sont demeurent et abrogées", ka maninona no mitohy ny fe-potoana iasana sady ny mpiasa ao amin'ny PAC mbola mamita ny fe-potoana iasany ao anatin'ny efatra taona. Raha ny momba an'iny, tsy izaho no manapakevitra, fa tompon-kevitra ihany. Apetraka amintsika ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika an'izay.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpanolotra ny Tolo-dalàna, Ramatoa Filoha sady nanome fitenenana ny teknisiana avy amin'ny Governemanta.

Nambaran-dRamatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, fa tsy afaka manatrika eto ny Minisitry ny Fitsarana noho ny toe-pahasalamany, koa mitondra ny fialan-tsiny avy aminy.

Nilaza ihany koa izy, fa tsy misy intsony fanamarihana tokony hatao, fa fisaorana tamin'ny niantsoana ny solotenan'ny Governemanta tamin'ny fiaraha-miasa natao.

Koa mitaona anareo handany ny Tolo-dalàna izay natolotry ny Solombavambahoaka namanareo izahay.

Rehefa izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna ny Solombavambahoaka.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa fito ny fanovàna ity Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL° ity.

**Lohateny**: nolanian'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika ny lohateny nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany, tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

**Andininy voalohany:** nolanian'ny Vaomiera, nasiam-panitsiana sy nasaiam-panovàna

Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-2:** nolanian'ny Vaomiera, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-3**: nolanian'ny Vaomiera, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-4**: nolanian'ny Vaomiera, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-5 vaovao:** nolanian'ny Vaomiera, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Nomena fitenenana, Andriamatoa HENRI Jean Michel ary nilaza fa mangataka ny Solombavambahoaka rehetra mba hiverina amin'ny "version originale" satria ny lalàna izay heverina ho "impersonnelle" no hijerena tranga manokana, ohatran'ny tsy mety loatra izay.

Ao amin'ny andininy faha-7 koa mbola milaza fa foana tanteraka ny "dispositions contraires" amin'io kanefa isika mitazona andininy vaovao mifanohitra amin'izany. Tokony hiverina amin'ny hevitra nataon'ny Mpanolotra Tolo-dalàna isika hoe: "la durée du mandat du Coordonnateur est de trois ans renouvelable une fois".

Namaly, Ramatoa Filoha, fa somary misy zavatra kely mifangaro amin'ity Tolo-dalàna ity. Miangavy anareo hijery ny tovana ao amin'ny pejy faha-7, andininy faha-2 izay misy andalana vitsivitsy momba ny "texte original" dia ny andininy faha-4, andininy faha-7, ny andininy faha-8, ny andininy faha-14, ny andininy faha-18, ny andininy faha-21, ny andininy faha-36 ary ny andininy faha-39; samy nanaovana fanovàna daholo izy ireo.
Ireo rehetra ireo no hita ao amin'ny andininy faha-2, koa sao misy manan-kolazaina amin'izany. Izay no ilazana hoe: jereo ny tovana.

Andininy faha-4 ao anatin'ny andininy faha-2.

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-7:

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-8:
Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-14:
Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-18:
Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-21:
Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-36:
Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-39:
Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-3:** ahitana ny andininy faha-41 misy andalana miisa 4 miaraka amin'ireo fampidirana hevitra vaovao nataon'ny Vaomiera sy anidniny faha-5 vaovao.

Nanambara, Ramatoa Filoha, fa Andriamatoa Kestora Voalohany dia efa nitondra fanamarihana mikasika io andininy vaovao io, koa tsara raha maneho hevitra izy.

Nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary nilaza fa tamin'ny fahamehana no nanaovana ny tatitra ka mety tsy mazava tsara, noho izany, andininy faha-3 dia ahitana ny andininy faha-41 ihany ary ny andininy faha-5 vaovao io amin'ny farany ambany amin'ny pejy faha-10 io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-4:** ao amin'ny "texte original" izay tsy voasoratra amin'ny tovana, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-5 vaovao:** nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa HENRI Jean Michel, nanambara fa andininy vaovao tokoa io andininy faha-5 io ka nangatahany haverina amin'ny "version originale" ao amin'ny andininy faha-2 milaza hoe: "la durée du mandat du Coordonnateur est de trois ans renouvelable une fois". Andininy faha-32 izy amin'ny «texte original, loi n°2016-021».

Izany hoe, ny sosokevitra naroson'Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanaovana tsangan-tànana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-6:** nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**Andininy faha-7:** nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'ny fijerena isan'andininy dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL° «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 21 Août 2016 sur les Pôles Anti-corruption» na PAC, natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa IDEALSON Mpanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana raha misy teny tiany hambara.

Tsy nanana teny nambara firy, Andriamatoa IDEALSON, fa fisaorana sy fankatelemana Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna natolony no nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha dia ny hanaovan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokasia sy ny Tany Tan-dalàna ny tatitry ny asa vitany eto amintsika ny Zoma 3 Jolay 2020 amin'ny 10 ora, maraina ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny fotoam-pamaranana amin'ny fomba ofisialy izao fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

Niato tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**